



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO  
FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA VOALOHANY

LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA MANOKAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024

Fivoriana voalohany  
Natao ny  
Talata 9 Jolay 2024  
- Atoandro -

ee 17-07-24  
see PV  
✓  
PV no 01 (conversion)  
26

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste  
Solombavambahoaka Zokiolona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa  
Solombavambahoaka Zandriolona

**FOTOANA:** Talata 9 Jolay 2024, tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024

Firedonana ny hiram-pirenena no natao voalohany rehefa nahazo toerana teny amin'ny fitariham-pivoriana izy mirahalaha mianaka, Solombavambahoaka Zokiolona sy Zandriolona.

Taorian'izay, niredona ny hira fanevan'ny Antenimierampirenena indray ny Antoko Mpihiraan'ny Antenimierampirenena.

- 1 -

- Fisokafan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

- Tehaka -

### **Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, faly miarahaba antsika tonga soa manatrika izao fotoam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

Araka ny andininy faha-5, andalana voalohany ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia ny Solombavambahoaka zokiny sy ny zandriny indrindra no mitarika izao lanonana izao.

Koa voninahitra ho ahy ny manolotra anareo ny anay mianaka:

Voalohany:

- Ny Zandriny indrindra dia Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-III.

Faharoa, ny tenako:

- Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mandoto.

langaviana Andriamatoa Zandriolona, mba hamaky ny andininy faha-78, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1380, tamin'ny 8 Jolay 2024, "modifiant et complétant certaines dispositions du décret

n°2024-1350 du 03 juillet 2024 portant convocation de l'Assemblée Nationale en session spéciale", miantso izao fivoriana izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-78, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1380, tamin'ny 8 Jolay 2024 -**

**Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenoso, ZANDRIOLONA**

Manatitra ny arahaba ho antsika rehetra, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Toy izao no fivakin'ny andininy faha-78, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1380, tamin'ny 8 Jolay 2024, miantso izao fivoriana izao.

Andininy faha-78: Manao fivoriana manokana avy hatrany ny Antenimierampirenena ny Talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy ireo mba hanangana ny Biraony sy ny fanamboarana ny Vaomiera.

Manana zo amin'ny toeran'ny Filoha Lefitra iray ireo mpanohitra ary mitarika ny iray amin'ireo Vaomiera farafahakeliny.

Mifarana ny fivoriana raha vao tapitra ny lahadinika.

Toy izao kosa ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1380 tamin'ny 8 Jolay 2024, Didim-panjakana amin'ny fiteny frantsay izy ity, ka vakiana amin'izay fiteny izay.

## **PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

### **Décret n°2024-1380**

**Modifiant et complétant certaines dispositions du décret n°2024-1350 du 03 juillet 2024 portant convocation de l'Assemblée Nationale en session spéciale**

### **LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution;

Vu le Décret n°2024-007 du 04 janvier 2024 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le Décret n°2024-020 du 14 janvier 2024 modifié et complété par le Décret n°2024-959 du 17 avril 2024 portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le Décret n°2024-1350 du 03 juillet 2024 portant convocation de l'Assemblée Nationale en session spéciale;

Vu l'Arrêt n°31-HCC/AR du 27 juin 2024 portant proclamation des résultats officiels des élections législatives du 29 mai 2024;

Sur proposition du Ministre de l'Intérieur,

En conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier.** Les dispositions de l'article 2 du décret n°2024-1350 du 03 juillet 2024 portant convocation de l'Assemblée Nationale en session spéciale sont modifiées et complétées comme suit:

**Article 2 (nouveau).** L'ordre du jour de cette session spéciale portera sur:

- La constitution du bureau de l'Assemblée Nationale;
- La formation des commissions;
- **L'adoption du Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale.**

**- LE RESTE SANS CHANGEMENT -**

**Article 2.** En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée, télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

**Article 3.** Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui concerne, de l'exécution du présent décret.

Fait à Antananarivo, le 08 juillet 2024

Le Président de la République de Madagascar,

**Andry RAJOELINA**

Le Ministre de l'Economie et des Finances

Le Ministre de l'Intérieur par intérim

RABARINIRINASON Rindra Hasimbelo

ANDRIATSITOHAINA Naina

**Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

Izao indray dia famakiana ny Didim-pitsarana laharana faha-31-HCC/AR tamin'ny 27 Jona 2024, anambarana ny vokatry ny fifidianana Solombavambahoaka natao ny 29 Mey 2024 lasa teo.

- 3 -

**- Famakiana ny Didim-pitsarana laharana faha-31-HCC/AR tamin'ny 27 Jona 2024 manambara ny vokatry ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka eto amin'ny Antenimierampirenena izay natao ny faha-29 Mey 2024 -**

**Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, ZANDRIOLONA**

Toy izao Tompokolahy sy Tompokovavy ny fivakin'izay Didim-pitsarana laharana faha-31-HCC/AR tamin'ny 27 Jona 2024, anambarana ny vokatry ofisialin'ny fifidianana Solombavambahoaka natao ny 29 Mey 2024, lasa teo.

**NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA,**

**Araka ireto rijan-teny ireto:**

- Ny Lalàmpanorenana;
- Ny Hitsivolana laharana faha-2001-003 tamin'ny 18 Novambra 2001 anovàna ny Lalàna Fehizoro mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
- Ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- Ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-010 tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny fifidianana Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena; nofenoina sy nasiam-panitsiana, tamin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2019-002 tamin'ny 14 Febroary 2019.
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2018-640 tamin'ny 29 Jona 2018 mamaritra ireo fepetra fampiharana ny andininy sasantsasany amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 Mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2024-243 tamin'ny 13 Febroary 2024 anaingana ny mpifidy handatsa-bato amin'ny fifidianana Solombavambahoaka;
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2024-244 tamin'ny 13 Febroary 2024, mametra ny habetsahan'ny fandraisan'anjaran'ny mpilatsaka hofidiana rehetra amin'ny sara fanontana ny biletà amin'ny fifidianana Solombavambahoaka ary ny fombafomba famerana sy ny famerenam-bola.
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2024-582 tamin'ny 13 Martsa 2024 mametra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena. Ny fitsinjarana ny toerana manerana ny tanim-pirenena ary ny famaritana ny fari-piadidiana amin'ny fifidianana Solombavambahoaka.
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2024-644 tamin'ny 13 Martsa 2024, mamaritra ny modelin'ny singan-taratasy sasantsasany foronin'ny mpilatsa-kofidiana rehetra amin'ny fifidianana Solombavambahoaka;
- Ny Didim-panjakana laharana faha-2024-645 tamin'ny 14 Martsa 2024, mametra ny fombafomba fandaminana ny fifidianana Solombavambahoaka;

Araka ireo singan-taratasy ireo, ny fitanana an-tsoratra avy amin'ny sampana miandraikitra ny fanisam-bato, ny voka-pifidianana voasoratra ao amin'ny fitanana an-tsoratra sy ny taratasy fanisam-bato natao teo anivon'ny birao fandatsaham-bato.



FANAPAHAN-KEVITRA laharana faha-22-CENI/D/2024 tamin'ny 28 Martsa 2024 nasiana fanovàna araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-57-CENI/D/2024 tamin'ny 20 Aprily 2024 sy araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-63-CENI/D/2024 tamin'ny 27 Mey 2024 mametra ny lisitra sy ny toerana misy ny birao fandatsaham-bato amin'ny fifidianana Solombavambahoaka.

FANAPAHAN-KEVITRA laharana faha-56-CENI/D/2024 tamin'ny 16 Aprily 2024 amaranana sy anambaràna ny lisitra raiketry ny filatsahan-kofidiana isaky ny fari-piadiana sy ny fari-pifidianana ho amin'ny fifidianana Solombavambahoaka natao ny 29 Mey 2024.

FANAPAHAN-KEVITRA laharana faha-71-CENI/D/2024 tamin'ny 21 Aprily 2024 hamoahana ny vokatra vonjimaika ny fifidianana Solombavambahoaka natao ny 29 Mey 2024.

Rehefa nohenoina, Ramatoa sy Andriamatoa isany Mpanolotsaina Avo momba ny Lalàmpanorenenana tamin'ny fampakaran-teny nataon'izy ireo avy, rehefa nodinihina ireo firaiketana hita tao amin'ny fitanana an-tsoratra, ny raharaham-pifidianana natao ny fanitsiana ny fahadisoana tsy nahy, natao ny fanarenana izay noheverina fa tsy maintsy atao sy ny fanafoanana.

#### **Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

langaviana mba hitsangana ireo Solombavambahoaka voatonona anarana, satria misy efa teo aloha, ao koa ny vaovao, amin'izay mifankahalala isika rehetra.

Misaotra, Tompokolahy sy Tompokovavy.

#### **Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosa, ZANDRIOLONA**

Noho ireo antony ireo:

#### **NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO**

**Andininy faha 9-** Ambara fa voafidy ho Solombavambahoakan'i Madagasikara, mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena, ireto mpilatsaka hofidiana manaraka ireto:

#### **Faritra ANALAMANGA**

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINY                   | ANTOKO                       |
|----------------|--|------------------------------|
| AMBOHIDRATRIMO | RABENIRINA Maminiaina<br>Solondraibe   | Vovonana<br>FIRAIANKINA      |
| AMBOHIDRATRIMO | RAKOTOARISOA Nirina Fenohery<br>Johnny | Vovonana IRMAR               |
| ANDRAMASINA    | ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina            | Indépendant<br>DADAFARA BINA |
| ANJOZOROBE     | RAZAFINTSIHOARANA Edison               | Vovonana<br>FIRAIANKINA      |

|                               |   |   |
|-------------------------------|---|---|
| ANKAZOBE                      | RAZAFIMANDIMBY Harijao Percy                                  | FIVOI   |
| ANTANANARIVO-<br>ATSIMONDRANO | RAHARIMANARIVO<br>Voahanginiaina Berthine                     | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-<br>ATSIMONDRANO | RATSIVAHINISOLO Andriniony                                    | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO<br>AVARADRANO    | ANDRIAMOSA Benjamina<br>Avotraina Rajaobelina Mary<br>Thomas  | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO<br>AVARADRANO    | RADAFINDRANARO<br>ANDRIAMANGA Rijaniaina Thierry              | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO-I                | RAZAFIMANANTSOA Lobo<br>Hanitriaina                           | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-I                | ANDRIAMANANORO<br>RAZAFINARIVO Augustin                       | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO-II               | RANDRIANARISOA Stanislas                                      | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-II               | RAKOTOMANGA Lantoarivola<br>Sedéra                            | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO-III              | MANDRINDRARIVONY Ogascar<br>Fenoso                            | Indépendant<br>MANDRINDRARIVONY<br>Ogascar Fenoso |
| ANTANANARIVO-III              | RALAMBOMANANA Fenoherintsoa                                   | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-IV               | RANDRIAMASINORO Tahiry Ny<br>Rina                             | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-IV               | RAFIDIMANANA Désiré   | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO-V                | RALAMBOZAFIMBOLOLONA<br>Razafitsimalona<br>Andriantsivoafetra | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-V                | RAHOLDINA Ranaivo<br>Herinantsoina                            | Vovonana IRMAR                                    |
| ANTANANARIVO-VI               | ANDRIAMAMPANDRY Todisoa<br>Manampy                            | Vovonana<br>FIRAIKANKINA                          |
| ANTANANARIVO-VI               | RAZANAMANDIMBISOA Tantely                                     | Vovonana IRMAR                                    |
| MANJAKANDRIANA                | BARINIAINA Fidy   | FIVOI   |

### Faritra BONGOLAVA

|                 |                                    |                                   |
|-----------------|------------------------------------|-----------------------------------|
| DISTRIKA        | ANARANA SY FANAMPINY               | ANTOKO                            |
| FENOARIVOBE     | RANDRIANARISOA Bien Aimé<br>Arsène | Vovonana IRMAR                    |
| TSIROANOMANDIDY | RAHOLIJAONA Harson                 | Indépendant<br>RAHOLIJAONA HARSON |
| TSIROANOMANDIDY | RANARIVELO Fanomezantsoa<br>Lucien | Indépendant<br>RAHOLIJAONA HARSON |

**Faritra ITASY**

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINY                   | ANTOKO  |
|----------------|--|---|
| ARIVONIMAMO    | RANDRIAMAMPIANINA<br>Rajerison Antoine | FIVOI   |
| ARIVONIMAMO    | RAKOTONDRABESA Pierre<br>Aimé          | FIVOI   |
| MIARINARIVO    | RAKOTONDRASOA Fetra                    | Vovonana IRMAR                                  |
| SOAVINANDRIANA | RAMANATANANA Romeo<br>Christophe       | Indépendant<br>RAMANATANANA Romeo<br>Christophe |

**Faritra VAKINANKARATRA**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINY                           | ANTOKO                   |
|--------------|--|--------------------------|
| AMBATOLAMPY  | RAZAFIMAHEFA Tianarivelo<br>Edouard            | Vovonana IRMAR           |
| AMBATOLAMPY  | RAKOTOMALALA Miarintsoa                        | Indépendant RAMIMS       |
| ANTANIFOTSY  | RAFIDIMANANA Narson                            | Vovonana FIRAISANKINA    |
| ANTANIFOTSY  | RAJOELIMALALA Herihasina<br>Eljo               | Indépendant ELJO         |
| ANTSIRABE I  | JEAN FRANÇOIS Michel                           | Vovonana FIRAISANKINA    |
| ANTSIRABE I  | RAZAFINIMARO Désiré                            | Vovonana IRMAR           |
| ANTSIRABE II | RANDRIANANTENAINA Olivier<br>Antonny José      | Vovonana FIRAISANKINA    |
| ANTSIRABE II | RANDRIAMANAMPISOA<br>Alfred                    | Vovonana IRMAR           |
| BETAFO       | RANDRIATAHINAMALALA<br>Livosoa Moratiavina     | Vovonana FIRAISANKINA    |
| BETAFO       | FIAROVANA Lovanirina<br>Célestin               | Vovonana IRMAR           |
| FARATSIHO    | RAMILISON<br>Andriamampionona<br>Nomenjanahary | Vovonana FIRAISANKINA    |
| MANDOTO      | RAKOTORAHALAHY Modeste                         | Indépendant DADA<br>MODY |

**Faritra DIANA**

| DISTRIKA      | ANARANA SY FANAMPINY    | ANTOKO                                       |
|---------------|-------------------------|--|
| AMBANJA       | DARKHAOUI Siritis       | Vovonana IRMAR                               |
| AMBILOBE      | ASSIMO Bruno            | Vovonana IRMAR                               |
| AMBILOBE      | MANDRARA Louis Fernandy | Indépendant NOUNOUS                          |
| ANTSIRANANA I | IBRAHIM Issa Charles    | Indépendant IBRAHIM<br>Issa Charles dit BORA |



|                |                                 |   |
|----------------|---------------------------------|---|
|                |                                 | REGLAGE                                     |
| ANTSIRANANA I  | RAHELIHANTA Jocelyne            | Vovonana IRMAR                              |
| ANTSIRANANA II | RAYMOND                         | Vovonana IRMAR                              |
| NOSY-BE        | AROSY Namiandrazana<br>Francois | Indépendant AROSY<br>Namiandrazana Francois |

**Faritra SAVA**

|          |                         |                                |
|----------|-------------------------|--------------------------------|
| DISTRIKA | ANARANA SY FANAMPINY    | ANTOKO                         |
| ANDAPA   | BEFOTOTO Angelin        | Vovonana IRMAR                 |
| ANTALAHA | FERNAND Eric Sandhy     | Indépendant LEHILAHY<br>Mahery |
| ANTALAHA | NASIRA Julien           | Vovonana IRMAR                 |
| SAMBAVA  | MAMANGY Norbert         | Vovonana IRMAR                 |
| SAMBAVA  | TOKELY Justin           | Vovonana IRMAR                 |
| VOHEMAR  | RANDRIAMANANTENA Stipio | Vovonana IRMAR                 |

**Faritra AMORON'I MANIA**

|                    |   |  |
|--------------------|---|--|
| DISTRIKA           | ANARANA SY FANAMPINY                          | ANTOKO   |
| AMBATOFINANDRAHANA | RAZAFINDRABARY Narson<br>Seth Jean Richard    | Vovonana IRMAR   |
| AMBOSITRA          | ANDRIAMIHAJA<br>Fanomezantsoa Yves<br>Georges | Indépendant LIVA<br>RASON                                |
| AMBOSITRA          | FOMENDRAZA Haingo<br>Elisette                 | Vovonana IRMAR   |
| FANDRIANA          | ANDRIAMIHARIVOLAMENA<br>Liva Zavamanitra      | Indépendant Tetikasa<br>Zavamanitra Ainga<br>Vao Ifotony |
| MANANDRIANA        | ANDRIANJANAHARY<br>Fanomezantsoa              | Indépendant<br>ANDRIANJANAHARY<br>Fanomezantsoa          |

**Faritra ATSIMO-ATSINANANA**

|                 |   |   |
|-----------------|---|---|
| DISTRIKA        | ANARANA SY FANAMPINY                                      | ANTOKO  |
| BEFOTAKA ATSIMO | RAZAFINDRIATSARA Jonhson<br>Anatol                        | Vovonana IRMAR                                  |
| FARAFANGANA     | RABY SAVATSARAH Ain<br>Harimanga Gabrielle                | Indépendant RABY<br>Savatsarah<br>Ain'Harimanga |
| FARAFANGANA     | ANDRIANAMBENANA<br>Velomihoatra Tsimanositra<br>Painchard | Vovonana IRMAR                                  |

|                |                                  |                                     |
|----------------|----------------------------------|-------------------------------------|
| MIDONGY ATSIMO | RATOLOJANAHARY Arsène            | Vovonana IRMAR                      |
| VANGAINDRANO   | MAHAVITARA Sylvestre             | Indépendant<br>MAHAVITARA Sylvestre |
| VANGAINDRANO   | RANDRIANASOLO Tojoso Idéal       | Vovonana IRMAR                      |
| VONDROZO       | BOTOTEFY Herimanantsoa<br>Odilon | Vovonana IRMAR                      |

### Faritra HAUTE MATSIATRA

| DISTRIKA      | ANARANA SY FANAMPINY                      | ANTOKO                                   |
|---------------|---|--|
| AMBALAVAO     | RASOANIRINA Marcelline                    | Indépendant<br>RASOANIRINA<br>Marcelline |
| AMBALAVAO     | RAZAFIMAHATRATRA Daniel<br>Jean Christian | Vovonana IRMAR                           |
| AMBOHIMAHASOA | RASOAMALALA Honorine                      | Vovonana IRMAR                           |
| FIANARANTSOA  | SAHONDRARIMALALA Marie<br>Michelle        | Vovonana IRMAR                           |
| FIANARANTSOA  | RAJOELINA Andriam-<br>Harimanana Seth     | Vovonana IRMAR                           |
| ISANDRA       | RALAMBOZAFY Raoto<br>Andrianirinarivo     | Vovonana IRMAR                           |
| IKALAMAVONY   | RAKOTONIAINA Pety                         | Indépendant<br>RAKOTONIAINA Pety         |
| VOHIBATO      | RAZAFINJATO Aurelie Marie<br>Augustine    | Vovonana IRMAR                           |
| LALANGINA     | RIVOTIANA Richard Jean Bosco              | Vovonana IRMAR                           |

### Faritra IHOROMBE

| DISTRIKA | ANARANA SY FANAMPINY               | ANTOKO            |
|----------|------------------------------------|-------------------|
| IAKORA   | SAMBO                              | Indépendant SAMBO |
| IHOSY    | MONG MANN Bismark                  | Vovonana IRMAR    |
| IHOSY    | RAZAKA ANDRIAMIHAHO<br>Barthelemy  | Vovonana IRMAR    |
| IVOHIBE  | RAMANANJARASOA Clarisse<br>Eugénie | Vovonana IRMAR    |

### Faritra FITOVINANY

| DISTRIKA | ANARANA SY FANAMPINY                      | ANTOKO                    |
|----------|---|---------------------------|
| IKONGO   | RAVONIARISOA Mariette                     | Vovonana IRMAR            |
| MANAKARA | ANDRIANASOLO Nadine                       | Vovonana IRMAR            |
| MANAKARA | MAMINIRINA Jolce Emilien                  | Vovonana IRMAR            |
| VOHIPENO | RAZAFITSIALA Velomanana<br>Solomampionona | Indépendant<br>SOLOTSIALA |

**Faritra VATOVAVY**

| DISTRIKA    | ANARANA SY FANAMPINY           | ANTOKO                                       |
|-------------|--------------------------------|--|
| IFANADIANA  | MANANTENA Hajanirina Dinah     | Indépendant<br>MANANTENA Hajanirina<br>Dinah |
| MANANJARY   | MAMIHAJA Charlo                | Vovonana FIRAISANKINA                        |
| MANANJARY   | RANDRIARISON Maurice<br>Lucien | Vovonana IRMAR                               |
| NOSY VARIKA | MARA Volamiranty Donna         | Vovonana IRMAR                               |

**Faritra BETSIBOKA**

| DISTRIKA    | ANARANA SY FANAMPINY     | ANTOKO         |
|-------------|--------------------------|----------------|
| KANDREHO    | TSIKIVY Adrien           | Vovonana IRMAR |
| MAEVATANANA | MBADE Jeannine Gabrielle | Vovonana IRMAR |
| TSARATANANA | RANDRIAMALALA Thony      | Vovonana IRMAR |

**Faritra BOENY**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINY                   | ANTOKO  |
|--------------|--|---|
| AMBATO BOENI | RANDRIANARIVO Edwin                    | Indépendant<br>RANDRIANARIVO Edwin                    |
| MAHAJANGA I  | AFAKANDRO Christian                    | Vovonana FIRAISANKINA                                 |
| MAHAJANGA I  | RAHANTANIRINA Lalao                    | Vovonana IRMAR  |
| MAHAJANGA II | RAMANANARIVO Handry<br>Orlando         | Indépendant<br>RAMANANARIVO Handry<br>Orlando         |
| MAROVOAY     | MARINDRY Rasolohery Andry<br>Chrinsant | Indépendant MARINDRY<br>Rasolohery Andry<br>Chrinsant |
| MITSINJO     | AHMAD Ahmad                            | Indépendant AHMAD<br>Ahmad                            |
| SOALALA      | SAID ZAKANIAINA Mahafaly<br>Joseph     | Vovonana IRMAR  |

**Faritra MELAKY**

| DISTRIKA     | ANARANA SY FANAMPINY                                   | ANTOKO   |
|--------------|--|--|
| AMBATOMAINTY | RAJAONARY Andriantsizafy<br>Mahenintsoa                | Indépendant<br>RAJAONARY Andriantsizafy<br>Mahenintsoa |
| ANTSALOVA    | ANDRIANANARIVONOMENJA<br>NAHARY<br>Andrianasolo Joseph | Indépendant<br>ANDRIANANARIVONOMENJANA<br>HARY         |

|            |                     |                |
|------------|---------------------|----------------|
| BESALAMPY  | SYLVIE Liva Gervais | Vovonana IRMAR |
| MAINTIRANO | VELONJARA Théophile | Vovonana IRMAR |
| MORAFENOBE | FIHEREZAVINANY      | Vovonana IRMAR |

### Faritra SOFIA

| DISTRIKA            | ANARANA SY FANAMPINY                      | ANTOKO                                       |
|---------------------|---|--|
| ANALALAVA           | SOAFILIRA Princia                         | Vovonana IRMAR                               |
| ANTSOHIHY           | BEFENO Todimanana Aymar<br>Hyacinthe      | Vovonana IRMAR                               |
| BEALANANA           | JAOZANDRY René                            | Indépendant JAOZANDRY RENE                   |
| BEFANDRIANA<br>NORD | RABEHARISON Bernardin                     | Indépendant RABEHARISON<br>Bernardrin        |
| AMPIKONY            | RAPHAELIEN Solofoniaina<br>Emilien Narson | Vovonana IRMAR                               |
| MANDRITSARA         | RASOLOMANANA Beby<br>Olivier              | Vovonana IRMAR                               |
| MANDRITSARA         | RAZAKAMANANA André                        | Indépendant ZANAKA ANDRONA<br>KORAGNA ARAIKY |
| PORT-BERGE          | OLIVIER Rabeamina                         | Indépendant<br>OLIVIER<br>RABEAMINA          |

### Faritra ALAOTRA-MANGORO

| DISTRIKA       | ANARANA SY FANAMPINY                             | ANTOKO   |
|----------------|--|--|
| AMBATONDRAZAKA | ANDRIANASOLO<br>Andrianiaina Jean<br>Patrick     | Vovonana IRMAR                                   |
| AMBATONDRAZAKA | RAZARA Pierre Ravolaza<br>Fidele                 | Vovonana FIRAIKANKINA                            |
| AMPARAFARAVOLA | VOLOLOMBOAHANGY<br>Tsiriniaina Narindra          | Indépendant TSIRINIAINA<br>NARINDRA              |
| AMPARAFARAVOLA | RAKOTONDRAMANITRA<br>Vahiny Félix                | Indépendant<br>RAKOTONDRAMANITRA Vahiny<br>Félix |
| ANDILAMENA     | RAKOTOARIMANANA<br>Patrice                       | Vovonana IRMAR                                   |
| ANOSIBE AN ALA | RAFANONIAINA Haja<br>Rivolala Elysée<br>Théodore | Indépendant FANO                                 |
| MORAMANGA      | RAZAFIMANDROSO NEE<br>RAZANAJATO Virginie        | Vovonana IRMAR                                   |

|           |                            |                |
|-----------|----------------------------|----------------|
| MORAMANGA | RAJAABELINA Lova<br>Herizo | Vovonana IRMAR |
|-----------|----------------------------|----------------|

**Faritra ANALANJIROFO**

| DISTRIKA             | ANARANA SY FANAMPINY                | ANTOKO                              |
|----------------------|-------------------------------------|-------------------------------------|
| FENERIVE EST         | MICHELLE Bavy Angelica              | Vovonana IRMAR                      |
| FENERIVE EST         | RAMINOALISOA Andriainaina<br>Herizo | Indépendant ASSOCIATION<br>MAMPIRAY |
| MANANARA-NORD        | SAMUEL                              | Vovonana IRMAR                      |
| MAROANTSETRA         | DINAH Romual                        | Vovonana IRMAR                      |
| SAINTE MARIE         | IMBIKI Herilaza                     | Vovonana IRMAR                      |
| SOANIERANA<br>IVONGO | MENAVOLO Alban                      | Indépendant MENAVOLO<br>ALBAN       |
| VAVATENINA           | VOLAMAHAZAKA Felix Boris            | Vovonana IRMAR                      |

**Faritra ATSIANANA**

| DISTRIKA                  | ANARANA SY FANAMPINY            | ANTOKO  |
|---------------------------|---------------------------------|---|
| ANTANAMBAO<br>MANAMPONTSY | TARKA Jean Michel               | Indépendant TARKA Jean<br>Michel                      |
| BRICKAVILLE               | RAVELONASY Barthélemy<br>Samuel | Vovonana IRMAR  |
| MAHANORO                  | MANASOA Donat Tang              | Vovonana IRMAR  |
| MAHANORO                  | RAKOTOSON Hubert                | Indépendant RAKOTOSON<br>Hubert                       |
| MAROLAMBO                 | RANDRIANASOLO Augustin          | Vovonana IRMAR  |
| TOAMASINA I               | RATSIRAKA Iarovana Roland       | GROUPEMENT DE P P<br>KOLEKTIFA AN'NY<br>MALAGASY      |
| TOAMASINA I               | NAHARIMAMY Lucien Irmah         | Vovonana IRMAR  |
| TOAMASINA II              | ROILAHY                         | Vovonana IRMAR  |
| TOAMASINA II              | ANDRIANARY Thierry Didier       | Vovonana IRMAR  |
| VATOMANDRY                | RATSIRAKA Sophie<br>Soamiadana  | Indépendant Ho An'ny<br>Vahoaka Sy Ny<br>Tanindrazana |

**Faritra ANDROY**

| DISTRIKA            | ANARANA SY FANAMPINY                   | ANTOKO                              |
|---------------------|--|-------------------------------------|
| AMBOVOMBE<br>ANDROY | MILAVONJY Andriasy Philobert           | Vovonana IRMAR                      |
| BEKILY              | ANDRIAMAMERIARIVO Déo<br>Romelis       | Vovonana IRMAR                      |
| BELOHA<br>ANDROY    | RAMANAMBITA Riachade<br>Houssen Ismaël | Indépendant<br>RAMANAMBITA Riachade |

|                   |                              |  |
|-------------------|------------------------------|--|
| TSIHOMBE          | TOLIA Bernard                | Vovonana IRMAR                         |
| ANTANIMORA<br>SUD | GOULAMALY Jacques Bruno Fils | Indépendant GOULAMALY<br>Jacques Bruno |

**Faritra ANOSY**

|                  |                             |                                 |
|------------------|-----------------------------|---------------------------------|
| DISTRIKA         | ANARANA SY FANAMPINY        | ANTOKO                          |
| AMBOASARY<br>SUD | RAKOTONIRINA Richard Joseph | Indépendant<br>RAKOTONIRINA     |
| AMBOASARY<br>SUD | ANDRIAMAMONJY Olivier       | Indépendant<br>RAKOTONIRINA     |
| BETROKA          | RANDRIANASOLO Jean Nicolas  | GJMP                            |
| TAOLANARO        | NOURDINE Chabani            | Indépendant CHABANI<br>NOURDINE |
| TAOLANARO        | RATSIMANDRIONA Aïda Hardy   | Vovonana IRMAR                  |

**Faritra ATSIMO-ANDREFANA**

|                   |   |  |
|-------------------|---|--|
| DISTRIKA          | ANARANA SY FANAMPINY                    | ANTOKO                                   |
| AMPANIHY<br>OUEST | TSARADIA Marco                          | Indépendant TSARADIA MARCO               |
| AMPANIHY<br>OUEST | RAZAFIHARISON<br>Andriamanantena        | Vovonana IRMAR                           |
| ANKAZOABO<br>SUD  | PEPIN Michou                            | Vovonana IRMAR                           |
| BENENITRA         | RAZAFINDRAMASY Faralahy<br>Célestin     | PARTI VERT HASIN I M/KARA                |
| BEROROHA          | NAKANY Charly Zafimagnely               | Indépendant NAKANY CHARLY<br>ZAFIMAGNELY |
| BETIOKY SUD       | HANOGNONA Hervé                         | Vovonana IRMAR                           |
| BETIOKY SUD       | RABENIRINA Jean Jacques                 | Vovonana FIRAISANKINA                    |
| MOROMBE           | RAKOTOMALALA Biri Golbert               | Indépendant FOMELA                       |
| SAKARAHA          | RAPHAEL Jean François                   | Vovonana FIRAISANKINA                    |
| TOLIARA I         | RANDRIANASOLONIAIKO<br>Siteny Thierry   | Vovonana FIRAISANKINA                    |
| TOLIARA I         | RAHAROARILALA Tinoka<br>Roberto Michaël | Vovonana IRMAR                           |
| TOLIARA II        | TSITARA Rojers Osman                    | Vovonana IRMAR                           |
| TOLIARA II        | ROCHELIN Housen                         | Indépendant VAHOAKA NO HERY              |

**Faritra MENABE**

| DISTRIKA                | ANARANA SY FANAMPINY                             | ANTOKO                      |
|-------------------------|--|-----------------------------|
| BELO SUR<br>TSIRIBIHINA | SAORY Christian                                  | Indépendant SAORY CHRISTIAN |
| MAHABO                  | ANDRIANIRINA Narcis                              | Vovonana IRMAR              |
| MANJA                   | FIENENA Richard Désiré                           | Vovonana IRMAR              |
| MIANDRIVAZO             | RAKOTONIAINA Lova<br>Andrien Marie               | Vovonana FIRAIKANKINA       |
| MORONDAVA               | RESAMPA Ramanohy André<br>Hajaharimalala Organès | Vovonana IRMAR              |

Izay no isan'ny Solombavambahoaka mandrafitra ny Antenimierampirenentsika, miisa 163.

**Andininy faha-10:** Izaon'ny Didim-pitsarana izao dia ampahafantarina ireo mpanao fitoriana, havoaka amin'ny tranonkalan'ny Fitarana etoana sy amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika ary hatao petadrindrina ao amin'ny foiben-toeran'ny Fitarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Nifampidinihana araka izany tamin'ny fotoam-pitsarana ampahibemaso, natao tao Antananarivo ny Alakamisy faha fitoambiroampolo Jona taona efatra amby roampolo sy roa arivo, tamin'ny 10 ora, maraina, ka ireto avy no tao amin'ny Fitarana Avo momba ny Lalàmpanorenana:

Andriamatoa RAKOTOARISOA Florent, Filoha

Andriamatoa NOELISON William, Mpanolotsaina Avo, Zokiolona

Ramatoa RATOVELINJAFY RAZANOARISOA Germaine Bakoly, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RAKOTOBÉ RADRIAMARIJAONA Vololonirina Christiane, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RAKOTONIAINA RAVEROHANITRAMBOLOLOTIANIONY Antonia, Mpanolotsaina Avo

Andriamatoa MBALO RANAIVO Fidèle, Mpanolotsaina Avo

Andriamatoa RASOLONANDRASANA Georges Merlin, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RAZANADRAINY HARISON RAHELIMANANTSOA Rondro Lucette, Mpanolotsaina Avo

Ramatoa RANDRIAMAHOLY RANAIVOSON Rojoniaina, Mpanolotsaina Avo

Ary natrehin'i "Maître" RALISON Samuel Andriamorasoa, Lehiben'ny Firaketantsoratra.

#### **Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

Mitehaka isika, manoloana izany asa mafy nataon'ny Zandriolona teo izany.

- Tehaka -

Isaorantsika, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, Zandriolona, namaky iny fanapahan'ny Fitarana Avo momba ny Lalàmpanorenana lava be teo iny. Isaorantsika izy satria tokony ho fantatsika ireny toerana misy antsika ireny satria zava-dehibe loatra izay nimatimatesantsika ary natao ho an'ny firenena.



Tompokolahy sy Tompokovavy.

Eto ary dia hanomboka hanao ny kabary isika; koa manentana antsika mba samy hiaino tsara.

- 4 -

**- Lahatenin'Andriamatoa Solombavambahoaka Zokiolona -**

**Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

Andriamatoa Minisitry ny Foloalindahy, misolotena an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Kestora Voalohan'ny Antenimierandoholona, misolotena ny Filohan'ny Antenimierandoholona;

Ramatoa Mpanolotsaina Avo, misolotena ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany, Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina.

Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Ramatoa Filohan'ny Fitsarana Avo;

Andriamatoa Filohan'ny HCDDDED;

Andriamatoa Filohan'ny CENI;

Ramatoa Filohan'ny HNIDH;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny CFM;

Andriamatoa Governoran'Analamanga;

Ramatoa Solotenan'ny Delegasiona Manokan'Antananarivo Renivohitra;

Ianareo mpiara-miombon'antoka amin'ny Antenimierampirenena na ny PTF;

Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena sy ny mpiara-miasa rehetra;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olon-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Deraina Andriamanitra, isaorana mandrakizay ny Anarany, fa antoky ny fahatanterahan'ny zava-drehetra nahatafavory antsika eto indray amin'ity anio ity.

Manarak'izany, arosoko ny azafady, atolotro ny azatsiny ary arosoko ny azafondro, manoloana anareo vory manatrika etoana; sady fangatahan-dalana hiteny izany no fanajana ho antsika Malagasy. Koa ombay lalana re, Tompoko, fa handahatra eto anatrehanareo ny tenanko.

Ambara aminareo koa fa tsy nisora-tena toa voatango aho raha hiteny mialoha eto, fa noho ny taonako nomen-janahary ahy ary noho ny Lalàna velona mandidy amin'izao fotoam-pivoriana manokana eto amin'ny Antenimierampirenena izao dia raisoko ny andraikitra. Ka noho izany, teny nomena izy ity ka mahasolanga, fa raha tsy nomena dia mahajoko. Efa tsara tsodrano ka raisiko ampanetrehan-tena ny andraikitra.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ry olo-manan-kaja tonga manotrana etoana,

Ianareo Solombavambahoaka hajaina isany.

Ety ampiandohana dia rariny loatra raha toa hanolotra ny fiarahabana fohy ho antsika rehetra tsy ankanavaka ny tenako. Miarahaba manokana antsika Solombavambahoaka manatrika rehetra eto izay lany tamin'ny fifidianana natao ny faha-23 Mey 2024 lasa teo. Mirary sahady ny rehetra hahatontosana antsakany sy andavany hatramin'ny farany ny adidy napetraky ny vahoaka amintsika.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Araka ny efa nambara teo aloha dia amin'ny lafiny ara-taona no andraisako mialoha ny fitenenana eto. Koa tsy hisorona aho ary horaisiko ho adidy sy andraikitra izany. Hifamarafara isika mba hitsinjovana ny ho avy hahomby. Koa amin'ny mahazoky, lohany amin'ireo nateraky ny vahoaka ato amin'ity Antenimierampirenena ity dia heveriko fa manana zo sy adidy ny tenako handefa hafatra dieny izao fiantombohan'ny asa izao mba hizorantsika amin'ny lalan-tsara eo ampiatrehana ny asa rehetra izay hatao amin'ny maha Solombavambahoaka. Tonga amin'ny fitenenana hoe: raha mataho-potaka fahavaratra hono dia manao aro riaka ririnina.

Voalohany amin'izany, tsy maintsy katsahina sy arovana mandrakariva ny hasin'ny Antenimierampirenena. Manana adidy isika hanarina raha nisy ny lesoka ary tsy hiverina amin'izany intsony. Ny Solombavambahoaka mantsy dia olona nandalo sivana, nofidian'ny vahoaka mivantana. Noho izany, notsongaina omem-pitokisana. Ity Andrimpanjakàna ity no tokony ho filamatra eto amin'ny tany sy ny Firenena. Tsy eo amin'ny lafiny politika ihany, fa indrindra indrindra eo amin'ny lafiny Soatoavina sy ny Fahendrena Malagasy. Mifanindran-dalana amin'izany, mazava ho azy, ny tsy maintsy tokony hanajana ny etika politika sy ny deontolojia eo amintsika mpikambana ato amin'ny Antenimierampirenena.

Anjarantsika no mitandrana sy mampanaja ny fisaraham-pahefana ary ny fifandanjam-pahefana. Tranoben'ny Demokrasia rahateo ato ka ny adihevitra rehetra dia tokony hitodika amin'ny fitandroana ireo fotokevitra rehetra ireo mandritra ny asa sy ny andraikitra sahanintsika. Indrindra ny lafiny fanajana sy fanarahan-dalàna, anisan'izany ny Lalàmpanorenana mazava ho azy, ao koa ny Lalàna Fehizoro mikasika antsika ary ny Fitsipika Anaty sy ireo tovana miaraka aminy.

Tokony ho haintsika koa ny mitrandraka ny traikefan'ireo Teknisiana ato amin'ny Antenimierampirenena amin'ny alalan'ireo Sampandraharaha isan-tsokajiny misy ato, satria isika mandala, fa izy ireo ato hatrany. Amin'izao firoboroboan'ny teknolojia izao dia azo trandrahina tsara ohatra ny tranonkala sy ireo rakitra nomerikan'ny Antenimierampirenena (site web et des réseaux sociaux de l'Assemblée nationale). Ho fanampin'izany, ao ireo Solombavambahoaka izay efa teto tamin'ny fotoam-panaovan-dalàna teo aloha, ka manainga azy ireo mba hanome ohatra tsara sy traikefa izay nahomby mba hahombiazantsika miaraka mba ho tombotsoan'ny Firenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Hiroso amin'ny votoatin'ny Lahadinik'izao fotoam-pivoriana manokana izao isika rehefa avy eo. Koa mirary soa sahady ho an'izay ho voafidy amin'ny andraikitra isan-tokony, indrindra fa izay ho Filoha vaovaon'ity Andrimpanjakana ity. Izay ho lany eo anie dia ho

Raiamandreny ary hitondra ny Antenimierampirenena amin'ny toerana tsaratsara kokoa hatrany. Mpitarika izay hanana haitarika sy fahaiza-manao sy hitandro hatrany ny hasin'ny Lapa, mba hahatonga azy ho reharenan'ny vahoaka sy ny Firenena sy ho fanoitra ho amin'ny Fampandrosoana. Tsy ho mora anefa izany amin'ny maha Lapan'ny Demokrasia ity Antenimierampirenena ity, mila finivana lehibe avy amintsika tsirairay, saingy raha Andriamanitra no momba antsika, moa va hisy hahasakana ny dia.

Mamerina ny firarian-tsoa ho antsika Solombavambahoaka namana, mpiara-miasa, tsy ankanavaka rehetra. Mirary antsika hitoeram-pahasalamana mandrakariva harahin-joto sy fahavitrihana eo ampanatanterahana ny adidy masina napetraky ny vahoaka sy ny Firenena amintsika.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

Ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

- Tehaka -

- Lakolosy -

Amin'izao fotoam-pivoriana izao dia asaina ny Solombavambahoaka hitsidika ny varavarana misokatra ao amin'ny «Cafétéria»-n'ny Antenimierampirenena. Ankoatra ny antontan-taratasy samihafa dia hisy fanazavana ataon'ireo tomponandraikitra mikasika ny asantsika ao amin'io toerana io.

Marihina fa mitohy rahampitso Alarobia 10 Jolay 2024 izany varavarana misokatra izany.

Manaraka izany, tiako ny mampahafantatra antsika rehetra fa araka ny Didim-panjakana izay novakiana teo dia tokony hiroso amin'ny fanitsiana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena aloha isika vao afaka miditra amin'ny lahadinika manaraka? Satria misy andininy tsy mifanaraka amin'ny zava-misy intsony raha tsy hilaza afa-tsy ny isan'ny Solombavambahoaka izay 151 ao amin'ny andinin-dalàna faharoa kanefa efa mahatratra 163 isika ankehitriny. Ho fanatanterahana izany dia hanangana Vaomiera Manokana na "Commission Ad'Hoc" handinika azy io anio tolak'andro ary miverina eto indray isika rahampitso amin'ny 9 ora, maraina, hanao ny fivoroana handraisana ny fanapahan-kevitra farany momba izany.



5 -  
- Fiatoan'ny fivoriana -

**Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, ZOKIOLONA**

Izay no lava, izay no fohy fa mbola mamerina fisaorana ho anareo olo-manan-kaja isan-tsokajiny tonga nanotrona sy nanome voninahitra izao lanonam-panokafana izao.

Toy izao no firafitr'izany "Commission Ad'Hoc" izany rehefa nojerena ny isan'ny Solombavambahoaka ao amin'ny antoko sy vondronantoko misy ato amin'ny Antenimierampirenena:

- IRMAR manolotra telo amby folo (13)
- MAHALEOTENA manolotra valo (08)
- FIRAIANKINA manolotra telo (03)
- FIVOI manolotra iray (01)

Mivory avy hatrany izy ireo anio tolakandro amin'ny 3 ora, ao amin'ny Salle BP. Izay vonona amin'izany fivoriana izany dia manatitra ny anarany na ny solotenany ao amin'ny "Service des Relations avec les Parlementaires" rihana voalohany.

Koa manantena antsika samy havitrika amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantantsika.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa ZOKIOLONA.

NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ZOKIOLONA



**RAKOTORAHALAHY Modeste**

NY SOLOMBAVAMBAHOAKA  
ZANDRIOLONA



**MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa**